# MAMONJY FOANA ANDRIAMANITRA

Isaky ny alahady atoandro dia mizara trakta ara-pilazantsara ity lehilahy kristiana iray. Tamin'indray alahady anefa dia avy ny orana. Nahatsiaro sasatra ilay lehilahy ka nanapa-kevita hijanona ao an-tranony.

- Dada a ! Tsy handeha ve ianao ? hoy ny zanany iraikambinifolo taona.
- An ! An ! avy be loatra ny orana anaka.
- Dada a ! Fa angaha tsy mamonjy olona Andriamanitra rehefa avy ny orana ? Ao fa hosoloiko hoy ny zanany.

Lasa izy, tsy misy olona eny an-dalana. Nataony tamin'ny boaty fasiana taratasy isan-trano ny trakta. Tamin'ny farany kosa tapa-kevitra handondona tao amin'ny trano iray izy. Vehivavy lehibe vesaran'ny fahoriana sy ny famoizam-po no hitany teo amin'ny varavarana, ary hoy izy tamim-pitsikiana : « Ninia ny ho tonga eto aminao aho mba hitondra filazantsara ho anao ».

Ny alahady, raha tonga tao amin'ny fiangonana tao an-tanàna ilay vehivavy dia nitsangana sy niteny tamin'ny fifaliana hoe :

- Misaotra an'Andriamanitra aho satria nandefasany iraka kely tamin'ny alahady teo. Tao anatin'ny famoizam-po aho satria maty ny vadiko sy ny zanako lahy, ka nanapa-kevitra hamono tena. Tampoka teo nisy nandondona ka nanome ahy ity taratasy ity.

  Rehefa novakiako dia tsapako fa tia ahy Andriamanitra ary te-hamela ny heloko. Nangata-pamelana taminy aho ka novonjeny.

Hafaliana ny azy mianaka saingy hafaliana be lavitra ny any an-danitra ho an'ny mpanota iray izay mibebaka. MAMONJY ANDRIAMANITRA NA AVY AZA NY ORANA

**<u>LESONA :</u>**

- ➢ Ny asa fitoriana dia afaka atao amin'ny fomba maro samihafa, Andriamanitra dia afaka manolotsaina anao eny am-pandehanana.
- Tsy tokony ho voasakan'ny trangan-javatra maro samihafa ny asa fitoriana, eny na dia avy aza ny orana. Sarobidy tokoa eo anatrehan' Andriamanitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka.
- Ny nahazatra an'ilay raimpianakaviana teto ny mizara trakta teny an-dalana , ka rehefa avy ny orana dia toy tsy afa-nanoatra izy. Hay na dia tsy misy olona aza eny an-dalana dia mbola misy fomba sy lalana ahafahana mizara izany trakta izany.

- ➢ Ho antsika kristiana, tandremo sao atao vato misakana ny fanantonanao an'Andriamanitra ny orana : toy ny andeha hitory, hamonjy fivoriana masina, hanao asa an'Andriamanitra, hamonjy tempoly, hanampy ny hafa sns… Aoka ho tsapantsika fa ny ràsoan'i Jesoa Kristy mihitsy aza no nafoiny fahizay noho ny amintsika. Koa 'ndeha isika handà ny tenantsika.

**II Tim 4 :2 « Mitoria teny, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana »**